



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-270

**FANAMBARANA MIKASIKA IREO ANTONTAN-TARATASY NODINIHAN'NY VAOMIERA  
MANOKANA MISAHANA NY FIAMPANGANA MANOLOANA  
NY FITSARANA AVO NA NY "HAUTE COUR DE JUSTICE"**

Fivoriana faha-29  
Natao ny  
Zoma 30 Jona 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany:-RAHELIHANTA Jocelyne  
-ANGELE Solange

**FOTOANA:** Zoma 30 Jona 2023, tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanambarana mikasika ireo antontan-taratasy nodinihan'ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo na ny "Haute Cour de Justice".

Nitohy ny Zoma 30 Jona 2023, tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba ny antontan-taratasy nodinihan'ny Vaomiera.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, ka toy izao manaraka izao no fivakiny:

**I TENY FAMPIDIRANA**

Araka ny voafaritry ny andininy faha-37 sy ny faha-38 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2014-043 mahakasika ny Fitsarana Avo sy ny andininy faha-202 sy faha-203 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia nivory ny Vaomiera manokana misahana ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo nandinika ireo antontan-taratasy mahakasika ireo olona voarohirohy izay nampandraiketana azy araka ny voafaritry ny andininy faha-131 sy faha-133-n'ny Lalàmpanorenana: ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara (andininy faha-131); ireo Filohan'ireo Andrimpanjakana Mpanao Lalàna, ny Praiminisitra, ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary ireo Minisitra mandrafitra ny Governemanta (andininy faha-133).

Ireo antontan-taratasy voalaza eo ambony dia azo avy amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena araka ny voalazan'ny andininy faha-37-n'ny Lalàna fehizoro faha-2014-043 mahakasika ny Fitsarana Avo izay nalefan'ny "Procureur Général de la Cour Suprême" rehefa avy nandinika ny fitoriana tonga tany aminy izy.

Ny Vaomiera misahana ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo dia natao hamoaka Tolo-pehin-kevitra mahakasika ireo olona voampanga manoloana ny Fitsarana Avo ireo araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-133 ao amin'ny Lalàmpanorenana ary manolotra izany Tolo-pehin-kevitra izany eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra

amin'ny alàlan'ny latsabato andraisan'ny rehetra anjara sy ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao aminy araka ny voalazan'ny andininy faha-201 ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ireto avy ireo raharaha voarain'ny Vaomiera mahakasika izany:

-Antontan-taratasy laharana faha-003-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa isany ANDRIAMANIRIVO Mamy Lalatiana, Ministry ny Fahasalalamam-bahoaka (2015-2018) sy RAKOTOVAO Rivo, Filohan'ny Antenimierandoholona (2017-2021);

-Antontan-taratasy laharana faha-004-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa isany ANDRIATIANA Ulrich, Ministry ny Asa Vaventy sy ny Fotodrafitrasa (2017-2019) sy RASOLOELISON Lantoniaina, Ministry ny Angovo sy ny Akoran'afo (2017-2019);

-Antontan-taratasy laharana faha-005-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa REBOZA RAZAFINDREVALO Mahavonjy Julien, Praiminisitra Lefitra misahana ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany (2013-2015);

-Antontan-taratasy laharana Faha-006-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa isany RAZAFINDRAVONONA Jean, Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-bola teo aloha sy RAKOTOARIMANANA François Gervais, Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-Bola teo aloha sy RAKOTOVAO Rivo, Minisi-panjakana misahana ny Tetikasan'ny Filohampirenena, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana teo aloha (2015);

-Antontan-taratasy laharana faha-007-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Gervais, Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-Bola teo aloha (2015-2018);

-Antontan-taratasy laharana faha-008-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa RAZAFINDRAVONONA Jean, Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-Bola (2014-2015);

-Antontan-taratasy laharana faha-009-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa RAZAFINDRAVONONA Jean, Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-Bola (2014-2015), Andriamatoa RAKOTOARIMANANA François Gervais, Ministry ny Fitantanam-Bola sy ny Tetibola (2015-2018) ary Andriamatoa ANDRIAMOSARISOA Jean Anicet, Ministry ny Tanora sy ny Fanantanjahan-tena teo aloha (2014-2018);

-Antontan-taratasy laharana faha-010-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa ANDRIAMANIRIVO Mamy Lalatiana, Ministry ny Fahasalalamam-bahoaka (2015-2018);

-Antontan-taratasy laharana faha-011-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa REBOZA RAZAFINDREVALO Mahavonjy Julien izay Praiminisitra Lefitra misahana ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany (2013-2015);

-Antontan-taratasy laharana faha-012-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa MAHARANTE Jean de Dieu, Ministry ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana Ara-Nomerika (2018-2019);

-Antontan-taratasy laharana faha-013-RR/HCI/19 mahakasika an-dRamatoa REALY Onitiana, Ministry ny Mponina, ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy (2015-2018);

-Antontan-taratasy laharana faha-014-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa BOTOMANOVATSARA, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny Toetr'andro (2012-2014);

-Antontan-taratasy laharana faha-015-RR/HCI/19 mahakasika an'Andriamatoa isany RAKOTOARIMANANA François Gervais, Minisitry ny Fitantanam-Bola sy ny Tetibola (2015-2018) sy Andriamatoa RAMPARANY Ramanana Anthelme, Minisitry ny Fiompiana (2015-2016).

Marihina fa tsy fahefam-pitsarana ny Antenimierampirenena sy ny Vaomiera misahana ny Fiangangana manoloana ny Fitsarana Avo, ka tsy afaka mamoka didy na mandray baiko avy amin'ny Fampanoavana, fa mandinika fotsiny ihany ny mahamitombina ny fiangangana na ny "caractère sérieux"-n'ny taratasy tonga eo aminy.

## **II IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA MPIKAMBANA MANDRAFITRA NY VAOMIERA**

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

TSABOTOKAY Honoré, Filoha

ANDRIAMIATRIKARIVO James Tiana Pierrot, Filoha Lefitra

ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpampakateny

RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, Mpampakateny Lefitra

FERNAND Jeannot

RASOLOMANANA Beby Olivier

RAVONTY Tam Teon Luc Urbain

TSARADIA Marco

RAMENASON Rio Merci

NASSIRA Julien

RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Dr RALALASON Dera

MAMANGY Norbert

SATRA Augustin

RAKOTONIRINA Jimmy Joé

RATSIMBAZAFY Alain Jean

RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona Fetra

Toy izao manaraka izao ny fizotry ny asa natao tamin'izany:

-Ny voalohan'ny volana Septambra 2020 no natao ny fifidianana ny Birao mandrafitra ny Vaomiera;

-Ny 30 Oktobra 2020 no nanao ny fandaminana ireo antontan-taratasy araka ny mahamaika azy ny Vaomiera;

-Ny 30 Oktobra ka hatramin'ny 30 Novambra 2020 no nanao ny fandinihana ireo antontan-taratasy ny Vaomiera;

-Ny 23 Novambra 2020 hatramin'ny 1 Desambra 2020 no nohainoana ireo voampanga sasantsasany;

-Ny 23 Novambra 2020 hatramin'ny 4 Desambra 2020 kosa no nanaovana ny fihainoana ireo vavolombelona;



-Ny 4 Desambra 2020 no namarana ny asany ny Vaomiera.

Taorian'ny fanadihadiana nataon'ny Vaomiera dia niroso tamin'ny fandrafetana ireto Tolo-pehin-kevitra manaraka ireto ny Vaomiera, izay mifandraika amin'ny raharaha voalaza teo aloha:

1	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-003-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A ISANY ANDRIAMANIRIVO MAMY LALATIANA, MINISITRY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA TEO ALOHA(2015-2018) SY RAKOTOVAO RIVO(FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA TEO ALOHA(2017-2021)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-005-2020/PR
2	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-004-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A ISANY ANDRIANTIANA ULRICH TEO ALOHA, MINISITRY NY ASA VAVENTY SY NY FOTODRAFITRASA TEO ALOHA (2017-2019) SY RASOLOELISON LANTONIAINA, MINISITRY NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO TEO ALOHA(2017-2019)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-009-2020/PR
3	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-005-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A REBOZA RAZAFINDREVALO MAHAVONJY JULIEN, PRAIMINISITRA LEFITRA MISAHANA NY FAMPANDROSOANA SY NY FANAJARIANA NY TANY TEO ALOHA(2013-2015)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-006-2020/PR
4	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-006-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A ISANY RAZAFINDRAVONONA JEAN, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA SY RAKOTOARIMANANA FRANCOIS GERVAIS, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA SY RAKOTOVAO RIVO, MINISIM-PANJAKANA MISAHANA NY TETIKASAN'NY FILOHAMPIRENENA, NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA TEO ALOHA(2015)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-010-2020/PR
5	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-007-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A FRANCOIS GERVAIS, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA(2015-2018)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-011-2020/PR
6	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-008-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATO A RAZAFINDRAVONONA JEAN , MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA(2014-2015)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-017-2020/PR

7	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-009-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA RAZAFINDRAVONONA JEAN, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA (2014-2015), ANDRIAMATOA RAKOTOARIMANANA FRANCOIS GERVAIS, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA (2015-2018) ARY ANDRIAMATOA ANDRIAMOSARISOA JEAN ANICET IZAY MINISITRY NY FANATANJAHAN-TENA TEO ALOHA (2014-2018)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-013-2020/PR
8	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-010-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA ANDRIAMANIRIVO MAMY LALATIANA, MINISITRY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA TEO ALOHA(2015-2018)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-008-2020/PR
9	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-011-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA REBOZA RAZAFINDREVALO MAHAVONJY JULIEN IZAY PRAIMINISITRA LEFITRA MISAHANA NY FAMPANDROSOANA SY NY FANAJARIANA NY TANY NANDRITRA NY (2013-2015)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-007-2020/PR
10	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-012-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA MAHARANTE JEAN DE DIEU, MINISITRY NY PAOSITRA, NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA ARA-NOMERIKA (2018-2019)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-016-2020/PR
11	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-013-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN-DRAMATOA ONITIANA REALY, MINISITRY NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIROBOROBOANA NY MAHA-VEHIVAVY(2015-2018)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-014-2020/PR
12	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-014-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA BOTOMANOVATSARA, MINISITRY NY ASA VAVENTY SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO (2012-2014)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-015-2020/PR
13	ANTONTAN-TARATASY LAHARANA FAHA-015-RR/HCJ/19 MAHAKASIKA AN'ANDRIAMATOA ISANY RAKOTOARIMANANA FRANCOIS GERVAIS, MINISITRY NY VOLA SY NY FITANTANAM-BOLA TEO ALOHA (2015-2018) SY ANDRIAMATOA RAMPARANY RAMANANA ANTHELME, MINISITRY NY FIOMPIANA (2015-2016)	TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-012-2020/PR

Nifarana ny 4 Desambra 2020 ny asam-baomiera nataon'ny Vaomiera Misahana ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo ary miandry ny fivoriambe mba handinika sy hanapaka ireo Tolo-pehin-kevitra izay nataony.

ANDRIANAMBININA Djohary Lee

MPAMPAKATEN'NY VAOMIERA

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha sady nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana izany ny mpivory. Nomarihany fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanamarihana no atao.

Tsy nanana fanamarihana momba izany ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomeny fitenenana.

Nanontany Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, hoe firy marina no isan'ny Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao; mahafeno ny fetr'isa ilaina ve sa tsia, mba hahafahana miroso amin'ny asa tokony hatao.

Namaly Ramatoa Filoha, fa efa nomarihan'ny Mpitantsoratra teo izany ary miisa 42 ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana amin'izao fotoana izao.

Tamin'ny satroka nataony, nangataka Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, mba hovelomina ny lakolosy hiverenan'ireo Solombavambahoaka namana lasa nivoaka any ivelan'ny efitrano fivoriana.

Nambaran'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, tamin'ny satroka nataony, fa efa fantatry ny Solombavambahoaka hoe mitohy avy hatrany ny fivoriana araka ny fandaharam-potoana tapaka teo aloha, ka nahoana no mbola mivoaka ihany izy ireo. Nomarihany koa fa tsy vao izao no nahitana fisehoan-javatra toy izao, ka aleo isika ato anaty efitrano ihany no manapakevitra.

Rehefa izany, namaly Ramatoa Filoha, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-201 andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia mitaky ny antsasamanilan'ny Solombavambahoaka vao afaka miroso amin'ny fifidianana ny fivoriambe. Araka ny voalazan'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2014-043 dia tsy maintsy ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena no mandany izany rehefa atao ny latsabato. Amin'izao fotoana izao anefa, Solombavambahoaka miisa 42 no tonga manatrika ny fivoriana. Noho izany, tsy feno ny fetr'isa ilaina ka tsy azo atao ny fifidianana ary voatery ahemotra amin'ny fotoana manaraka izany.

Nanao satroka indray, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène ary nanambara fa tsy vao androany ny zava-miseho tahaka izao, ka aleo izay Solombavambahoaka tonga manatrika eto no mifidy sy mandray ny fanapahan-kevitra farany.

Tamin'ny satroka nataony, nanambara Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tsy tokony hatao an-terisetra ny fandraisana fanapahan-kevitra satria efa nametrahana adidy momba ny fandinihana ny antontan-taratasy ny Vaomiera. Noho izany, aleo arahina izay voalazan'ny lalàna. Nambarany koa fa mahatsiaro menatra ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera amin'izao fisehon-javatra izao, tsy mendrika ny Solombavambahoaka ny toy izao ka aoka samy handinika.

Nambaran'Andriamatoa DONOVAN Sydonie Jimmy Gertrude Johnny, kosa fa aleo mandeha amin'ny ara-dalàna ary rehefa tsy mahafeno fetr'isa, tokony hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifidianana raha nomena fitenenana ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina dia nanambara fa aleo manara-dalàna ary tsy hoterena ho masaka fotsiny ity raharaha ity. Tokony hamakafaka tsara vao manao zavatra satria lehibe loatra izany asa maha Minisitra izany.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy misy tsangan-tànana azo atao mikasika ity fanambarana saika hatao ity raha ny lalàna mifehy azy no dinihana.

Nomarihany koa fa tsy mahafeno ny antsasa-manila akory ny isan'ny Solombavambahoaka, ka aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifidianana. Noho izany, hiato 15 minitra aloha ny fivoriana dia tohizana aorian'izay.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina ary nanambara fa ny 15 minitran'ny Antenimierampirenena anie lasa adiny roa ka aleo tohizana ny fivoriana fa tsy asiana fiatoana izany.

Taorian'izay, namaly Ramatoa Filoha, fa misy lahadinika vaovao nataon'ny Solombavambahoaka mbola hodinihana sy holaniana koa avy eo raha eken'ny besinimaro.

Niato tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Corele®